



FITALEAVANA NY FANAOVAN-DALANA

SAMPAN-DRAHARAHAN'NY LALANA SY NY FIVORIANA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA AO AMIN'NY REPOBLIKA FAHAEFATRA

TAONA 2021

FAMINTINANA NY RIJAN-TENY LANY

**FIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
(NY 04-05-21 KA HATRAMIN'NY 02-07-21)**

02 JOLAY 2021

Ireo lalàna lany tanteraka (19)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Lalàna laharana faha-2021-003 mikasika ny lalàna fandravonana ny teti-bolam-panjakana tamin'ny 2017</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 08/12/20 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivorianara-potoana voalohany 2021</p> <p>Rijan-teny niandohany : Volavolan-dalàna</p>	<p>Nahitana fatiantoka 150.955.137.838,37 ariary ny taom-pitantanana taona 2017 satria 7.301.263.367 344,81 ariary no fandaniana nahazoana alalana dia 7.150.308.229.506,44 ariary kosa ny vola miditra.</p> <p>Lasa tarehimarika miiba -1,0% ny fitomboan'ny seha-pamokarana voalohany kanefa ny Lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2017 dia naminavina ny 2,8%.</p> <p 2017="" 5,4%="" 5,7%="" 9%="" aloha="" am-parany.<="" amin'ny="" ary="" avy="" dia="" eo="" fa="" faharoa="" fitomboana="" fitomboana,="" hahita="" ho="" kosa="" lfi="" lfr="" nahitana="" nahitsy="" no="" novinavina="" ny="" p="" seha-pamokarana="" tao="" teo="" tratra=""> <p>Marin-toerana kosa ny seha-pamokarana fahatelo satria tena tratra marina ny fitomboana 5,7% voatondron'ny LFR.</p> <p>Novinavina ho 10.930.205.188.000,00 ariary ny vola miditra tao amin'ny LFI 2017 kanefa nahitsy ho 11.823.029.157.000,00 Ariary izany. Teo am-panatenterhana dia 7.150.308.229 506,44 ariary no azo.</p> <p>Teo amin'ny fandaniana dia 10.930.205.188 000,00 Ariary no novinavina tao amin'ny LFI 2017 izay nahitsy ho 11.853.900.726.000,00 Ariary. Teo am-parany kosa dia 7.301.263.367.344,81 ariary no azo.</p> <p>Tontosa eo amin'ny 76,70 % ny fandaharana asa ao amin'ny tetibolam-panjakana taona 2017.</p> </p>
02	<p>Lalàna laharana faha-2021-004 mifehy ny Holafitry ny Mpahay Mpandrefy tany eto Madagasikara.</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 05/11/20</p>	<p>Ity lalàna ity no misolo ny lalàna laharana 2011-005 tamin'ny 1 aogositra 2011.</p> <p>.Manomboka izao dia tsy voatery ho izay manao izany ho asa malalaka ihany no manao ny asan'ny Mpahay mpandrefy tany.</p> <p>Azo soratana koa ao amin'ny Tabilaon'ny Holafitry ny olona manana ny Fanamarinam-</p>

	<p>-Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021</p> <p>Rijan-teny niandohany : Tolo-dalàna</p>	<p>pahaizana ny Asan'ny Mpahay Mpandrefy tany nomen'ny Biraom-parity ny Holafitra.</p> <p>Izay voasoratra ao amin'ny Tabilaon'ny Holafitra ihany no afaka manao ny asan'ny Mpahay mpandrefy tany. Nampitomboina ny lamandy noho ny fanaovana antsokosoko ny asan'ny Mpahay Mpandrefy tany raha ny tolo-dalàna no jerena.</p> <p>Nihanitombo ireo ao amin'ny Biraom-pirenен'ny Holafitra satria niampy ireo olomboafidin'ny Fivoriambe..Araka izany dia lasa fito izany ato amin'ny Tolo-dalàna raha efatra amin'ny lalàna ankehitriny.</p> <p>Tsy ho afaka manokatra hafa tsy kabinetra iray ihany eto amin'ny tany sy ny fanjakana ny Mpahay Mpandrefy tany (and.22) fa afaka ho manao ny asany manerana ny Nosy kosa izy ireo araka ny lalàna ampiasaina ankehitriny.</p> <p>Ao amin'ny lalàna ankehitriny dia mandray ny tambin'ny asany ka ny fansokajiana ny fahazoany izany dia faritan'ny fitsipika anaty. Ato amin'ny tolo-dalàna kosa dia ny mpanjifa ny asany no mandoa izany ka ny habetsahany dia faritana amin'ny <u>didy amam-pitsipika</u>.</p> <p>Manamora ny paika fiatoana na fijanonana tanteraka amin'ny asan'ny Mpahay Mpandrefy tany ity lalàna ity.</p>
03	<p>Lalàna laharana faha-2021-005 mameno sy manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny lalàna laharana faha-2003-008 tamin'ny septambra 2003 et sy ny laharana faha-95-023 tamin'ny 6 septambra 1995 anaovana ny Satan'ny Mpampianatra-Mpikaroka sy ny Mpikaroka-Mpampianatra ao amin'ny Fampianarana Ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika,</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe:</p> <ul style="list-style-type: none"> -Antenimierampirenena : 09/12/20 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021 	<p>Ao amin'ity lalàna ity, ny Mpanampin'ny Fampianarana ambaratonga ambony na ny Fikarohana dia manana ny Master amin'ny Fikarohana sady voasoratra ao amin'ny Taona fahatelo ao amin'ny laha-kevitry ny Doktorà.</p> <p>Ireto avy ireo antanan-tohatra ao amin'ny Mpampianatra ambartonga ambony:</p> <ul style="list-style-type: none"> - profesora na talen'ny Fikarohana lefitra - profesora tompon-toerana na talen'ny fikarohana - profesora amin'ny toeram-boninahitra <p>Azo tendrena ho Profesora na Talen'ny Fikarohana mpikambana ny « Maitre de conférence » raha toa izy ka manana ny Diploma faratampony (Habilitation à diriger des Recherches) sy « Agrégation » amin'ny Siansa mifandraika amin'ny fitsaboana, lalàna, toe-karena ary ny fitantanana.Izany fanendrena izany dia atao amin'ny didim-pitondrana avoakan'ny minisitera rehefa avy nilàna ny hevitry vovonan'ny mitovy laharana ao amin'ny</p>

	<p>Rijan-teny niandohany : Tolo-dalàna</p>	<p>Toeram-pianarana.</p> <p>Manao fizarana asa taona iray izy ireny hafa tsy ny « Maitres de conférence » na ny « Maitres de Recherche ».</p> <p>Azo tendrena ho Profesora tompon-toerana na Talen'ny Fikarohana na Profesora eo amin'ny Toeram-boninahitra izy ireo raha manana fahelana amin'ny toerana farafahakeliny telo taona sady voasoratra ao amin'ny lisitry ny olona afaka manao mpampianatra na tale lefitra.</p> <p>Misitraka ny tombontsoa azon'ny mpiasam-panjakana ao amin'ny sokajy manokana ny Profesora na Talen'ny Fikarohana notendrena tamin'ny didim-panjakana.</p> <p>Ny Profesora eo amin'ny toeram-boninahitra kosa dia <u>tsy maintsy</u> efa nantsoroka farahafakeliny laha-kevitra Dokotorà vita fanohanana na izay mitovy lanja amin'izany, mpiantoka amin'ny fomba siantifika ireo lahasa ahazoana ny diploma faratampony sy namoaka lahatsoratra 15 tao anatinà revio.</p> <p>Ankoatra ireo fahaizana asa, tsy maintsy anaovana fanamarinam-pitondrantena izy ireo. Didim-pitondran'ny minisitera no anendrena azy ireo.</p> <p>Ireo avy no hita ao amin'ny karaman'ny mpampianatra ambaratonga ambony:</p> <ul style="list-style-type: none"> - karama sy vola omena noho ny fikarohana sy ny fanadihadiana akana fitanam-bola ho fisotroandronono - tambin-karama toy ny tambim-pitoerana, tambim-ponenana, tambim-pitaterana, tambim-pankatoavana ary tambin'ny tandindon-doza. <p>Raiketina amin'ny didy amam-pitsipika ny mari-karama sady apetraka atao ny laharana sy sokajy ary dingana.</p> <p>Misitraka ny fomba fisahanana amin'ny ankapobeny ny volan-jaza fampihatra amin'ny mpiasam-panjakana rehetra izy ireo ary atao mizotra amin'ny mahazatra ny fiovany sokajy.</p> <p>Afaka manohy ny asa fampianarana sy fikarohana ara-tsiansa izy ireo hatramin'ny faha-70 taonany raha toa ka ekeny ny hanao izany na noho ny fangatahana saingy <u>manao fizaham-</u></p>
--	--	--

		pahasalamana isan-taona.
04	<p>Lalàna laharana faha-2021-006 manova sy mameo ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 septambra 2011 anaovana ny satan'ny mpanohitra sy ny antoko mpanohitra</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 21/08/19 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriane ara-potoana voalohany 2021</p> <p>Rijan-teny niandohany : Tolo-dalàna</p>	<p>Misy karazana mpanohitra roa ao amin'ity lalàna ity : ny mpanohitra anivon'ny parlemanta sy ny mpanohitra ivelan'ny parlemanta (and.2 vaovao)</p> <p>Na ny mpanohitra anivon'ny parlemanta na ny mpanohitra ivelan'ny parlemanta (and.5) dia samy tarihina Lehiben'ny mpanohitra ara-panjakana izay mitarika ny hery mpanohitra matanjaka indrindra na ny hery mpanohitra anivon'ny Antenimierampirenena. Ny HCC kosa anefa tamin'ny alalan'ny didy navoakany mitondra ny <i>laharana faha- 08-HCC/D3 tamin'ny 21 jiona 2021 mifandraika amin'ny lalàna laharana faha-2021-006</i> dia nanondro mazava fa esorina ny voambolana « ivelan'ny parlemanta » ao amin'ny andininy faha-5 » ary « <i>Ny filohan'ny Mpanohitra amin'ny fomba ofisialy dia mpitarika fotsiny ihany ny Mpanohitra anivon'ny parlemanta</i> ».</p> <p>Ny antoko mpanohitra miorina ara-dalàna niandaniany talohan'ny fifidianana solombavambahoaka no ijerena antoko mitonona ho mpanohitra. Toy izany koa ny antoko mpanohitra ivelan'ny parlemanta.</p> <p>Raha toa ka maty na niharan'ny fanonganana ny lehiben'ny mpanohitra ara-panjakana dia tendren'ireo solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny fanoherana anivon'ny parlemanta eo amin'izy samy izy ary amin'ny marimaritra iraisana ny lehiben'ny mpanohitra ara-panjakana.</p> <p>Manan-jo hiteny amin'ny haino aman-jerim-panjakana ny lehiben'ny mpanohitra ary manana adidy hisolo tena ny mpanohitra eny amin'ny rafi-panjakana.</p> <p>Raha sanatria ka misy ny tsy fahatontosana ny andraikitra nankinina taminy dia azo atao ny manongana azy avy amin'ny fangatahana ataon'ny antsasamanilan'ny solombavambahoaka mpanohitra, fa telo ampahefany izany tao amin'ny lalàna laharana faha-2011-013.</p>
05	<p>Lalàna laharana faha-2021-007 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola ny fihoirana maika hiatrehana ny valan'aretina</p>	<p>Nisitraka ny fampisamboram-bola avy amin'ny BADEA mitentina 5.000.000 dôlara amerikana sahabo ho 19 641 150 000 ariary ny fitondrana malagasy hiatrehana ny krizi nateraky ny valanaretina Covid-19.</p>

	<p>covid-19, nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Banky Arabo ho an'ny Fampandrosoana aratoe-karena an'i Afrika (BADEA) tamin'ny 22 oktobra 2020</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 20/05/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriania arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Izany tetikasa izany dia entina manamafy orina ny fahaiza-manao sy fampihenana ny fiantraikan'ny valanaretina covid-19 eo amin'ny lafiny fahasalamana, sôsialy, ay toe-karena.</p> <p>Toy izay ny fepetran'ny fampisamboram-bola :</p> <p>Habetsahany : 5 000 000 000 dôlara amerikana, izany hoe mitovy amin'ny 19 641 150 000 Ariary, miaraka amin'ny fanampiana 500 000 dôlara amerikana, izany hoe 1 964 115 000 MGA</p> <p>Faharetan'ny famerenam-bola : 21 taona Zana-bola: 2% Fe-potoana tsy andoavana : 6 taona</p> <p>Averin'ny mpindram-bola amin'ny alalan'ny fandrotsaham-bola isan'enim-bolana miisa 42 ny renitrosan'ny fampisam-boram-bola ka izany dia mahatratra 96.000 dôlara ka hatramin'ny 150.000 dôlara.</p> <p>Ny faran'ny volana septambra 2021 no daty kasaina hamaranana ny tetikasa.</p> <p>Io famatsiam-bola io no nahafahana nahazo fiara mpitondra marary miisa 38 sy fitaovaliarovana manokana toy ny fonon-tanana tsy vita tsy mbola voaaro amin'ny otrik'aretila, aron'akanjo, satroka, ampinga tarehy, fonon-kiraro ary boaty fingotra ...</p>
06	<p>Lalàna laharana faha-2021-008 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola mifandraika amin'ny famatsiam-bola fanampiny ny tetikasa « Sehatra mifandray tendro ho amin'ny fampandrosoana sy ny Tetikasa SOP (PIC2.2) », eo amin'ny sehatry ny fanovan-drafitra sy fanentsenam-bola aorian'ny fampihetsehana ny loharanom-bola CERC-MRI, nifanaovan'ny Repoblikan'I Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana (IDA)</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe:</p>	<p>Nahazo indram-bola avy amin'ny IDA ny fitondrana malagasy ka ny habetsahan'izany dia 33.000.000 dôlara amerikana, sahabo 126.632.142.000 ariary, ho famatsiam-bola fanampiny ho an'ny tetikasa « Sehatra mifandray tendro ho amin'ny fampandrosoana sy ny Tetikasa SOP-2 (PIC2.2) »</p> <p>Toy izao ny fepetran'ny fampisamboram-bola:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Habetsahan'ny vola : 23 400 000 DTS, sahabo ho 126 632 142 000 MGA - Faharetan'ny famerenam-bola : 38 taona ka ao anatin'io ny – taona tsy andoavana - Tambim-pamoaham-bola : 0,5% isan-taona amin'ny vola mbola tsy nalaina - Tambim-pisahanan-draharaoha : 0,75 % isan-taona amin'ny vola efa nalaina nefo mbola tsy naverina.

	<p>-Antenimierampirenena : 20/05/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Io vola io dia fampindramam-bola fanampiny izay hoentina hanentsemana ny vola nalaina tao amin'ny Projet PIC2.2 izay lany nampiasaina tamin'ny ady amin'ny COVID-19</p> <p>Ny tetikasa dia ahitana:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fampihetsehana ny Fampiasam-bola tsy miakina eo amin'ny sehatry ny Fizahan-tany sy ny « Agro-industrie » ; - Famenoana fepetra amin'ny Fampiasam-bola Tsy miakina eo amin'ny sehatry ny Fizahan-tany; - Famenoana ny Fepetra amin'ny Fampiasam-bola Tsy miakina eo amin'ny sehatry ny « Agro-indusrie »; - Fitantanana ny Tetikasa; - Fomba Fihoirana Tsy ankiandriandy MRI.
07	<p>Lalàna laharana faha-2021-009 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny sehatry ny Fanajariana ny Tany, natao nifanaovan'ny Fanjakan'i Maraoka sy ny Repoblikan'i Madagaskara sonia tao Rabat tamin'ny 04 avrily 2006</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 20/05/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Ity fifanarahana ity dia entina mampivoatra sy manamafy ny fifanakalozana eo amin'ny fahaiza-manao eo amin'ny Firenena malagasy sy ny Fanjakan'i Maraoka mikasika ny fiofanana ao amin'ny Sehatry ny Fanajariana ny tany. Ao anatin'ny sehatra mitovy tantanana sy ny tombontsoa ifampizarana no anaovana izany.</p> <p>Ireto avy ireo sehatra iarahana miasa sy mifanakalo fahaizana.</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fanamboarana fitaovana fanajariana sy fampandrosoana - Fifanakalozana traikefa eo amin'ny rafi-torohay momba ny jeôgrafia - Fanofanana amin'ny alalan'ny fifanakalozana fandaharanasa, mpampiofana ary mpianatra eo amin'ny ambaratonga rehetra, sy fampanaovana fizaran-drahahaha enti-manatsara fahaizana sy fanitaram-piofanana ho an'ireo mpitantana ao amin'ny Minisiteran'ny roa tonta misahana ny Fanajariana ny tany eny anivon'ny toeram-piandraiketana ny fiofanana an'ny roa tonta, ary koa fandehanana enti-mandalina ho an'ny mpiasa ao amin'ireo departemantan'ny roa tonta. <p>Azo atao ny ampiharina vonjimaika ity fifanarahana ity raha vantany vao voasonia. Maharitra telo taona ity ary halavaina telo taona avy hatrany koa rehefa tsy misy ny olana.</p>
08	<p>Lalàna laharana faha-2021-010 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014</p>	<p>Azo singanina amin'ireo zava-baovao entin'ity Lalàna ity.</p> <p>Ny fampahafantarana ny fahabangan-toerana</p>

	<p>mifandraika amin'ny loharanom-bolan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, amin'ny fombafomba fifidianana, ary koa amin'ny fandaminana, ny fomba fiasan'ireo rantsa-mangaika ao aminy, novaina synofenoina tamin'ny lalàna laharana faha- 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018.</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny favoriambe: -Antenimierampirenena : -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Ny fitsarana no mampahafantatra ny didy manamarina ny fision'ny fahabangan-toerana amin'ny Minisitra miadidy ny Atitany, amin'ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana, amin'ny solontenam-panjakana mahefa eo amin'ilay toerana ary ireo ankolafy voakasiky ny raharaha. Ao amin'ny lalàna laharana faha-2014-020 ny dia Ministera miadidy ny Atitany sy ny fitsinjaram-pahefana ihany no ampahafantarina izany.</p> <p>Ny fampitoviana ny voalazan'ny lalàna. Tsikaritra fa misy tsy fifanarahana eo amin'ny fe-potoana lazain'ny andininy faha-111 sy ny andininy faha-129 ao amin'ny Lalàna 2020-014 mikasika ny fe-potoana ahazoana mamerina ny fifidianana. Raha toa ka 2 taona ny fe-potoana voalazan'ny andininy faha-111 amin'io lalàna io dia 1 taona kosa no voalazan'ny andininy faha-129 ka izany no antony nametrahana ny fe-potoana 2 taona eo amin'ny fanovana. Tsara marihana anefa fa mba hipetrahan'ny fitohizan'ny raharaha-panjakana na ny "continuité de l'Etat" dia miakatra eo amin'ny toeran'ny mpanolotsaina ireo mpisolo toerana ary fametrahana delegasiona manokana kosa ho an'ny lehiben'ny mpanantanteraka izay voafaritry ny andininy faha-130.</p> <p>Amin'ny Kaominina tsy nisy fifidianana na tsy afaka notanterahina ny fifidianana noho ny antony samihafa, dia tanterahina miaraka amin'ny fifidianana amin'ny ampahany ny fifidianana.</p> <p>Ny Fe-potoana hamerenana ny fifidianana amin'ny ampahany Novana ho 9 volana ny fe-potoana hamerenana ny fifidianana aorian'ny didim-pitsarana manamarina ny fahabagan-toerana raha toa ka 4 volana izy io teo aloha. Izany no natao noho ny hamaroan'ireo fanomanana entina hiatrehana izany toy ny fandraisana ny mpilatsaka ho fidiana sy ny fametrahana ny rafitra miandraikitra izany, ny fanotana ny taratasim-bato tokana sy ireo taratasy rehetra ilaina amin'ny fifidiana sns</p> <p>Mikasika ny teti-bola ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay tsy misy mpanolotsaina noho izy ireo tsy niditra an-tsitrano hofidina Nofenoina ny valin'ny andininy faha-154 ka ny lehibe indrindra amin'ny mpanantanteraka no mandrafitra ny teti-bolan'io vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana io nefo tsy maintsy mandalo fanaraha-maso izy ireo ary manao izany "fanaraha-maso ny ara-dalàna".</p> <p>Haba vaovao</p>
--	--	---

		Nampidirina ho isan'ny fampidiram-bola ho an'ny kaominina ny <u>haba eo an-toerana amin'ny fitaovana</u> . Izany haba izany dia ilay voalazan'ny lalàna laharana faha-2015-052 tamin'ny 3 febroary 2016 mikasika ny fanajariana ny tanan-dehibe sy ny toeram-ponenana. Harotsaka manontolo ao amin'ny teti-bolan'ny kaominina izy io.
09	<p>Lalàna laharana faha-2021-011 andraiketana ny Raki-tsoratry ny Politikan'ny Fitsinjaram-pahefana Misandratra (Lettre de Politique de Décentralisation Emergente (LPDE))</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 24/06/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivorianara potoana voalohany 2021</p>	<p>Ny Raki-tsoratry ny Politika Fitsinjararam-pahefana Misandratra no amaritana ny vina, ny tanjona, ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra ary ny vokatra andrandraina amin'ny asan'ny fanjakana, ary koa ireo asa atao vaintohandrahahara ary ny paikadin'ny governemanta eo amin'ny lafiny fitsinjaram-pahefana eto Madagasikara.</p> <p>Izy io koa dia mitanisa ireo lafiny ihompanan'ny fanavaozana naroso, ny tanjona kendrena manokana amin'ny fanavaozana, ny fotopoto-pitsipika izay mandrafitra ny fanavaozana, ny lalanasa fampiharana ny fanavaozana ary ny tetiandron'ny fanatanterahana ny fanavaozana.</p> <p>Ny minisitera dia mandamina ny asany mihodidina aminà zotra enina lehibe:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fanavaozana ny andrim-panjakana sy ny lafin-tany; - Fanaparitahana eny amin'ny lafin-tany ny politikan'ny fanjakana; - Fampandraisan'andraikitra sy fizakan-tanan'ny CTD; - Ny fandraisan'anjaran'hy olom-pirenena amin'ny fanapaha-kevitra politika eo an-toerana sy ny fanaraha-maso ataon'ny olom-pirenena; - Famindram-pahefana, fahaiza-manao ary fanomezana taorahahaha ho an'ny daholobe eo an-toerana; - Ny fanavaozana ilaina amin'ny famatsiam-bola ny fitsinjaram-pahefana. <p>Ny taona 2030 no natao ho toy fotoana heverina hahavitan'ny LPDE.</p>
10	<p>Lalàna laharana faha-2021-012 manova ny Tovana laharana faha-01 amin'ny lalàna laharana 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2014, novaina ary nampiana tamin'ny lalàna laharana 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018, mifandraika amin'ny loharanom-bolan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, amin'ny fombafomba fifidianana, ary koa amin'ny fandaminana, ny fomba fiasan'ireo rantsa-mangaika ao aminy.</p>	<p>Amin'ity volavolan-dalàna ity dia mizara roa ny Faritra Vatovavy Fitovinagny ka manome Faritra roa vaovao:</p> <ul style="list-style-type: none"> - ny Faritra Vatovavy dia misy ny Distrikan'i Mananjary, Nosy Varika ary Ifanadiana. - ny Faritra Fitovavy dia ahitana ny Distrikan'i Manakara, Ikongo ary Vohipeno. <p>Ankoatra izay, ny Kaominin'i Namorona ao amin'ny Distrikan'i Mananjary dia hatambatra amin'ny Distrikan'i Manakara.</p>

	Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 24/06/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021	
11	<p>Laharana faha-2021-013 anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana arofenitra mifandraika amin'ny fandefasana olona hotsaraina an'ny Fikambanan'ny Firenena ao amin'ny Faritra atsimon'i Afrika (SADC) sy ireo fanitsiana roa tamin'ny 2017 sy 2019</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 24/06/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Nisy ireo fanovana nampiharina tamin'ny fifanarahana. Ilay fanitsiana natao tamin'ny taona 2017 no nananganana ny Komitin'ny Minisitry ny Fitsarana izay mpanara-maso sy mpanao fizohiana ny Fifanarahana. Ny fanitsiana tamin'ny taona 2019 kosa dia milaza fa atao araka ny lalànan'ny firenena itakiana ny fijerena ny maha-marina tokoa ny porofo.</p> <p>Tsy maintsy misy fifanarahana mialoha eo amin'ny firenena mpitaky sy ny firenena itakiana. Tsy hoe ny heloka rehetra akory no tsy maintsy isiahazoana mangataka ny extradition fa misy koa ny heloka farany ambany mety hojeren'ny firenena itakiana.</p> <p>Ny heloka enjehin'ny lalànan'ny roa tonta ihany no azo anaovana extradition. Amin'izany anefa dia tsy rehetsi-mandidy amin'ny fanapahan-keviny ilay firenena.</p> <p>Voalaza ao anatin'ny fifanarahana ny fepetra anekena na andavana ilay fangatahana fandefasana olona hitsaraina sy ny fanangonana porofo. Tsy hoekena ilay fangatahana raha manana endrika politika ny fanenjehana ataon'ilay firenena mpitaky na koa mampiseho fanavakahana. Toraka izany koa raha toa misy ny fandikana ny zo tsy ho azo enjehina voamarina araka ny lalàna. Na koa efa misy sazy mafy homanina ho an'ilay angatahina halefa hotsaraina.</p> <p>Manana ny maha-izy azy ny firenena tsirairay amin'ny fanenjehana ny olo-meloka.</p> <p>Voalaza ao amin'ny fifanarahana koa ireo fomba arahina amin'ny fanangonana porofo.</p> <p>Afaka mangataka fisamborana vonjimaika ny firenena mpitaky. Tsy avy hatrany koa anefa dia hoeken'ny firenena itakiana izany fa dinihiny araka ny lalàna ao aminy.</p>
12	<p>Lalàna laharana faha-2021-014 anomezan-dalana ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny Fifanarahana arofenitra mikasika ny fifanomezan-tanana ara-pitsarana eo amin'ny</p>	<p>Ity lalàna ity no anolorana ireo fanitsiana roa natao tamin'ny Fifanarahana arofenitra mikasika ny fifanomezan-tanana ara-pitsarana an'ny Filambam-pampandrosoana ny Faritra Atsimon'i Afrika.</p>

	<p>lafiny ady heloka an'ny Fikambanam-pampandrosoan'ny Faritra Atsimon'i Afrika (SADC) sy amin'ny fanitsiana roa natao tamin'izany tamin'ny taona 2017 sy 2019</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 24/06/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivorianana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Tamin'ny taona 2017 no nisian'ny fanitsiana voalohany izay nanasisihana andininy iray izay anendrena ny Komitin'ny minisitry ny fitsarana hon tomponandraikitry ny fanaovana fanaraha-maso ankapobeny ny fanatanterehana ny Fifanarahana arofenitra mikasika ny Fifanomezan-tanana ara-pitsarana araka ny andraikitra nomena azy araka ny andininy faha-3 ao amin'ny Fifanarahana arofenitra mikasika ny Raharaha mifandraika amin'ny lalàna</p> <p>Ny fanitsiana faharoa izay natao tamin'ny taona 2019 dia mamela ny firenena mpitaky ho afaka manamarina ny porofo araka ny didy aman-dalàna misy ao aminy raha mitaky izany ilay Firenena itakiana. Tsy mbola nampiharina ity fanitsiana ity.</p>
13	<p>Lalàna laharana faha-2021-015 manova sy mameno ny lalàna maharana faha- 2016-021 tamin'ny 22 aogositra 2016 mikasika ny Toeram-pitsarana Iadiana amin'ny Kolikoly (PAC)</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 02/07/20 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivorianana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Ity lalàna enti-manova ity dia manazava sy mampirindra misimisy kokoa izay voalazan'ny lalàna laharana faha-2016-021 tamin'ny 22 aogositra 2016 mikasika ny toerana iadiana amin'ny kolikoly..</p> <p>Ohatra vitsivitsy amin'izany ireto. Azo esorina amin'ny toerany ny Mpandrindra ny Toeram-pitsarana Iadiana amin'ny Kolikoly (PAC) rehefa misy ny hadisoana lehibe vitany ka voaporofon'ny Komitin'ny Fizohiana sy ny ny Fanombanana anivon'ny PAC (and.36). Ilay lalàna miasa ankehitriny dia tsy manondro ny paika arahina amin'ny fanonganana. Io tomponandraikitra ambony io araka ity tolo-dalàna ity dia Mpitsara (izany hoe avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana) fa ny andininy faha-36 ao amin'ny lalàna ankehitriny kosa dia tsy manondro fahaizana asa. Ny fihamboniany dia mitovy amin'ny Tale jeneralin'ny anivonà minisitera.</p> <p>Ny Komitin'ny Fizohiana sy ny ny Fanombanana dia komity maroloha ahitana ny Minisitry ny Fitsarana, ny Filoha voalohan'ny Fitsarana tampony, ny Tonia mpampanoa lalàna ao amin'ny Fitsarana tampony, ny Filohann'ny Komity ho an'ny Fikajiana ny Fahitsiana (CSI) ary solontena iray avy amin'ny fiaraha-monim-pirenena misahana ny ady amin'ny kolikoly izay miantoka ny fitarihana izany isan-taona. Manatrika ao ny Tale jeneralin'ny BIANCO sy ny Tale jeneralin'ny SAMIFIN amin'ny maha-mpanara-maso azy ireo fa tsy mahefa hanapakevitra.</p> <p>Ny fe-potoam-piasany dia ho telo taona raha efatra taona izany ankehitriny. (and.36)</p> <p>Ny andininy faha-7 ao amin'ny lalàna ankehitriny dia milaza fa Misy rejisitra manokana voaisy marika antsisiny sy voasoniany ao amin'ireo Rantsam-pitsarana misahana ny</p>

		<p>fanagiazana sy ny fitazomana,ao amin'ny ambaratonga voalohany sy ao amin'ny dingana faharoa, fa ny tolo-dalàna kosa dia manondro fa izy io dia Rejisitra manokan'ny fananana nogiazana sy nogejain'ny Filoha na ny Lehiben'ny foiben-toeran'ny PAC araka izay fisehoan-javatra eo.</p> <p>Ny Rantsam-pitsarana misahana ny fanagiazana sy ny fitazomana dia mahefa koa hanapaka ny amin'ny fanagiazana mifandraika amin'ny fanangonana ireo fananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna sy ny famotsiam-bola ary ny famatsiam-bola ny fampihorohoroana.</p> <p>Misy ireo fandikan-dalàna ara-toe-karena sy ara-bola sasany tafiditra ao amin'ny sehatra sahanin'ny PAC (and.18).</p>
14	<p>Lalàna laharana faha-2021-016 anavaozana ny Lalàna laharana faha-2006-031 du 24 novembre 2006 andraiketana ny fomba fitondrana araka ny lalàna ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 11/12/18 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivorianana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Ny sasantsasany amin'ireo zava-baovao entin'ity lalàna ity:</p> <ul style="list-style-type: none"> -Ny tany nipetrahana 15 taona farafahakeliny talohan'ny famoahana azy dia ao anatin'ny sehatra sahanin'ity volavolan-dalàna ity. -Ny tany izay azo akana kara-tany (navoakan'ny BIF) dia tsy tokony mihoatra ny 10 hektara ny velarany amin'ny ankabobeny. -Ampitoviana ny fanokafana sy ny fiasan'ny BIF eny amin'ny kaominina. -Misy ny onitra azo amin'ny tany tsy vita titra fa manana kara-tany niharan'ny fanesorana ny maha-tompony noho ny asa fanasoavam-bahoaka. -Ny fasana, tranobe ara-pivavahana ary ny harem-bakoka tsy azo akana kara-tany.Efa misy lalàna hafa mifehy azy ireny. -Ny fikambanana sy ny vahiny dia tsy afaka mitazona kara-tany ho fanamarinana ny fitoerana eo amin'ny tany.
15	<p>Lalàna laharana faha-2021-017 momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny taona 2021</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe:</p>	<p>Ny sora-bola izay nantsoina hoe « Nouveaux Projets Emergents » dia efa novinavinaina ao anatin'ny LFR 2021; izany no natao dia ny hanatanterahana ireo fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevitry ny Minisitra mifandraika amin'ireo Tetikasa mifototra amin'ny aradrafitra sy fanovana any Atsimo sy ireo izay mifandraika indrindra amin'ireo Tetikasam-pisandratanana izay nosintomina tao anatin'ny Drafitra Fisandratan'i Madagasikara.</p>

<p>-Antenimierampirenena : 29/06/11 -Antenimierandoholona :Fotoam-pivoriana arapotoana voalohany 2021</p>	<p>Ny hopitaly sy ny mpisahan-draharaha ara-pahasalamana hafa dia omena fitaovana sy fotodrafitrasa ahafahan'izy ireo miasa tsara. Ny ezaka hafa dia misy ny fampielezana vaksiny fanoherana ny covid-19. Nanatevin-daharana ny programa COVAX i Madagascar mba hahazoana vaksiny fanoherana ny covid-19.</p> <p>Ny LFI 2021 dia naminavina ny fitomboan'ny harin-karena ho 4,5% fa ao amin'ny LFR kosa dia lasa 4,3% fa ny nitombo 6% kosa ny harinkarena maneran-tany. Voatazona kosa ny fiakaran'ny vidim-piainana amin'ny faran'ny vanim-potoana 6%. Ny tahan'ny tsindrin-ketra dia 10,7% amin'ny harin-karena faobe raha toa ka 10,9% kosa ny voavinavina tao amin'ny LFI 2021.</p> <p>Ny vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny hetra ka raha avy 3.747,71 miliara Ariary tao amin'ny LFI ho lasa 3.486,83 miliara ao amin'ny LFR, izany hoe nisy fihenany 260 miliara Ariary. Ny fidiram-bolan'ny fadin-tseranana koa dia nihena kely raha oharina amin'ny vinavina tany am-boalohany. Ny tahan'ny tsindry amin'ny hetra dia 10,7% amin'ny harin-karena faobe raha toa ka 10,9% no voavinavina tao amin'ny LFI.</p> <p>Nisy fihenana 16,8 lavitrisa ariary ny fandaniana mahazatra noho ny fitarazoky ny fikarakarana antontan-taratasy fiakarana sokajy noho ny covid-19.</p> <p>Ny fandaniana ho fisotroandronono dia 783,0 lavitrisa ariary tao amin'ny LFI 2021 fa nahitsy ho 793,2 milliards d'Ariary ao amin'ny LFR 2021. Hahazo famindram-bola 380 lavitrisa ariary ny JIRAMA amin'ny alalan'ny FEC2 (miaraka amin'ny FMI). Hanokanana 83,4 milliards d'Ariary ho teti-bola fampandehanan-draharaha fanampiny ny sehatra sôsialy.</p> <p>Noho ny fihenan'ny vola miditra raha oharina amin'ny vinavina tany am-piandohana dia ilaina ny fanaovana fanitsiana maromaro mba hitazomana ny fifandanjan'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakàna. Anisan'izay ny fampihenana ny vola ho an'ny "Fonds souverain" izay ho 142,4 miliara Ariary ny sorabola natokana ho an'io ho an'ity taona 2021 ity.</p> <p>Mikasika ny vinavinan'ny mpiasa tohanan'ny tetibolam-panjakana dia ho 235.554 izy ireo ao amin'ny LFR 2021, raha toa kosa 220.434 izany ao amin'ny LFI 2021 dia 220.434, izany</p>
--	---

		<p>hoe nisy fanampiny 15.120. (Tome 2, <i>Prévision effectifs par Institution ou Ministère</i>, Total général, Annexe 7, page 67/67).</p> <p>Hisy toeranasa fanampiny entina mandray mpiasa vaovao miisa 6 835 homena ireo Minisitera</p> <p>Misy ny fatiantoka eo amin'ny fifanakalozana ivelany.</p> <p>Ny fatiantoka ivelany dia ho 6,5% amin'ny harin-karena faobe amin'ny LFR 2021, izay maneho 3,715,1 miliara Ariary raha 5,5%-n'ny harin-karena faobe izany ao amin'ny LFI tamin'io taona io ihany. Izany dia afaka vatsiam-bola amin'ny loharanom-bola avy any ivelany mahatratra 2066,2 miliara Ariary ary loharanon-karena anatiny mahatratra 1.648,8 miliara Ariary.</p> <p>Ny vola kirakiraina ao amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana amin'ny taona 2021 dia voalanja ho 6.008.949.624.000 ariary na ny miditra na ny mivoaka.</p>
16	Lalàna laharana faha-2021-018 mikasika ny paika arahina amin'ny fanarenana ny taratasy mirakitra fananan-tany sy soridrefitany .	<p>Ny taratasy mirakitra fananan-tany, tsy hita na nahabangana, simba na rovitra, dia ilay antsoina amin'ny teny mahazatra hoe « boky rovitra, sarin-tany rovitra » anaovana fanarenana araka ity tolo-dalàna ity dia ny bokin-tany na ny raviny, ny kadasitra na ny raviny ary ny taratasy fandefasana.</p> <p>Ny Mpikajy ny fananan-tany voakasiky ny taratasy mirakitra fananan-tany sy soridrefitany, tsy hita popoka na nahabangana, simba na rovitra, dia afaka manome taratasy fanamarinana manondro ny toetoetry ny taratasy amin'ny alalan'ny fitanisana ireo antony tsy ahafhana mamokatra izany. Ny Fanjakana no mizaka ny ny sara lany amin'ny fikarakarana ny taratasy. Tsy maintsy mandalo fitsarana kosa ny fanarenana ny taratasy mirakitra fananan-tany.</p> <p>Ny fitsarana ady madio no mahefa hitsara ny filana fanarenana sy ny fanatanterahana izany. Mety ho tonga hatrany amin'ny fanamarinana ifotony mihitsy ny mpitsara sy ny vaomiera mpanomana ny antontan-taratasy.</p> <p>Fanenjehan'ny fitsarana no setrin'ny fanambaràna tsy marina mifandraika amin'ny filàna</p>

		fanarenana ny taratasy mirakitra fananan-tany.
17	<p>Lalàna laharana faha-2021-019 mifandraika amin'ny ny Politikam-pirenena momba ny Kolontsaina</p> <p>Daty nandaniana tao amin'ny fivoriambe: -Antenimierampirenena : 16/06/21 -Antenimierandoholona : Fotoam-pivoriane ara-potoana voalohany 2021</p>	<p>Ity lalàna ity dia manondro mazava ireo firotsahana an-tsehatra dimy entina hampandeha amin'ny tokony ho izy ny politikam-pirenena momba ny kolontsaina. Ireto avy ireo: ny Fanjakana, vondrom-paritra itsinjaram-pahefana itsinjaram-pahefana, vondron'olona ifotony, fototra, fikambanana ary fikambanana ary ny sehatra tsy miankina. Ny minisitera miadidy ny kolontsaina no misolotena ny Fanjakana, ka mahatonga azy ho mpisehatra lehibe. Ohatra, tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ireo mpitarika ao anatin'ity politika ity izy.</p> <p>Misy ireo lahasa na fandaharana asa tontosaina sy idinana an-tsehatra :</p> <ul style="list-style-type: none"> - ny seho goavana ara-kolontsaina; - ny fanomezana lanja ny harem-bakoka - Tagnamaro - politikan'ny teny; - famoronana ara-javakanto sy ara-kolontsaina - sarimihetsika sy sarimaina - boky sy famakian-teny ho an'ny besinimaro - ary fanabeazana ara-kolontsaina sy ara-javakanto. <p>Isan'ny lafiny manan-danja be ao amin'izany lalàna izany ireto:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Miditra lalina kokoa amin'ny fampiharana ny politikan'ny teny ny Fanjakana. Ny Minisitera misahana ny Kolontsaina no mamolavola ny politika momba ny teny malagasy .Araka izany, homena lanja ny tenin-dreny. Hotrandrahina ireo fitenim-paritra sy lovantsofina.Hampiasaina amin'ny sehatra maro koa ny teny malagasy, toy ny sehatry ny fanjakana, ny siansa, ny fanabeazana, ny zavakanto sy ny maro hafa koa. - Hapetraka ny fiahiana sy fiarovana sosialy ho an'ny mpanakanto sy ireo matihanina ara-kolontsaina eo anivon'ny Tahirim-pirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy (CNAPS)

Fehin-kevitra lany (03)

N°	Lohateny	Famintinana
01	<p>Fehin-kevitra laharana faha-03-2021/R anaovana ny Fitsipika anaty manokana mifehy ny fombafomba fandaminana sy fampandehanana ny Antenimierampirenena mandritra ny vanimpotoanan'ny valanaretina Covid-19 sy amin'ny tranganà krizy ara-pahasalamana mitovy amin'izany.</p> <p>Lany tamin'ny :10/05/21</p>	<p>Ity Fehin-kevitra ity no ahazoan'ireo rantsana samihafa ao amin'ny Antenimierampirenena mivory amin'ny fomba ampitain-davitra amin'ny vovonana teknôlôjika mandritra ny fotoanan'ny valanaretina covid-19.</p> <p>Atao amin'ny fomba ampitain-davitra ny fivoriana rehetra raha tsy hoe misy fanapanahankevitra hafa avy amin'ny fivoriambe.Izany anefa dia tsy atao manohintohina ny maha-ampahibemaso ny fivoriambe (araka ny HCC)</p> <p>Zaraina amin'ny fomba elektronika ny antontan-taratasy rehetra ilaina amin'ny fivoriana.</p> <p>Izay Solombavambahoaka manatrika eo amin'ny fotoanan'ny latsabato ihany no afaka mandatsabato ka izany dia azo atao amin'ny tsangan-tanana na amin'ny fomba ampitain-davitra. Voarara ny latsa-bato atao amin'ny fanomezam-pahefana handatsabato.</p> <p>Azon'ny besinimaro sy ny haino aman-jery jerena eny amin'nyfafana ny fizotry ny fivoriana.</p> <p amin'ny="" ampitain-davitra.<="" andavany="" antenimierampirenena="" antsakany="" fampandehanana="" fanampiana="" fivoriana="" ireo="" jeneralin'ny="" miandraikitra="" misahana="" mpiasa="" no="" ny="" p="" raharaha="" sekretera="" solombavambahoaka="" sy="" teknika=""> <p>Ity Fitsipika anaty manokana ity dia ampiasaina miaraka amin'ny fitsipiky ny fomban'ny Antenimierampirenena.</p> </p>
02	<p>Fehin-kevitra laharana faha-002-2021/R ananganana Vaomiera iray mpanao famotorana momba ny asan'ireo mpandrahahara eo amin'ny</p>	<p>Avy amin'ity fehin-kevitra ity no anapahan'ny Antenimierampirenena hevitra hanangana vaomiera parlementera iray mpanao famotorana momba ny tolotra sy ny vidin'ny tolotra amin'ny fifandraisan-davitra ka izy io no hiandraikitra ny fanagonam-baovao ilaina mba</p>

	sehatry ny Fifandraisan-davitra Lany tamin'ny:31/05/21	hampazava ny tena toe-javatra misy.
03	Fehin-kevitra laharana faha-04-2021/R ananganana Vaomiera parlemantera iray mpanao famotorana mikasika ny ady tany miverimberina eto Madagasikara atolotry ny Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, voafidy tao amin'ny distrikan'Antananarivo faha-V Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny fananan-tany sy ireo namany Lany tamin'ny :30/06/21	Ity Fehin-kevitra ity no anapahan'ny Antenimierampirenena hevitra hanangana Vaomiera parlemantera iray mpanao famotorana mikasika ireo ady tany miverimberina manerana ny Nosy. Izy ity no hisahana ny famotopotorana mba hamaritana izay tena antony nahatonga sy nampitohy lavareny ireo ady tany lehibe, manakorontana ny filaminam-bahoaka anivon'ny firenena sy eny ifotony, manenika ny faritra eto Madagasikara.